## Ny Valosoa sy hadihady

### Fitondrana Rajoelina

# Matahotra ny marina hiseho dia manao fanakantsakanana

Miha-mafy ny fitsikerana ataon'ny mpanohitra, momba ny fitantanana ny raharaham-pirenena tsy mizotra amin'ny laoniny ataon'ny fitondrana, amin'izao Repoblika IV-2 izao. Efa ho taona iray izao dia tsy misy mangaraharaha ny nampiasana ireo vola fanampiana nomen'ny mpiara-miombon'antoka niatrehana ny covid-19. Raha manodidina ny eninjato tapitrisa dolara dia ny antsasany ihany no nanaovan'ny mpitondra tatitra ary ny ambiny dia tsy fantatra izay nampiasana azy, ka misy mihitsy ny sahy milaza fa lasa any am-paosin'ny mpitondra. Toa marina tokoa izany satria raha ny resaka mandeha dia nividy "jet privé" ny minisitry ny Fitantanam-bola sy Toekarena. Tsy mbola nisy nitsipaka ny tsy fahamarinan'izany aloha ny ao amin'ny fitondrana hatramin'izao. Ny fanampiana ara-tsosialy isan-karazany nomena ny vahoaka aloha dia tsy nisy nandeha araka ny tokony ho izy satria na dia nirotsaka an-tsehatra mihitsy aza ny filohan'ny Repoblika Andry Rajoelina, sy ny minisitra sasany dia nimenomenona ny tokony ho nisitraka izany, satria maro no tsy nahazo kanefa nisy koa ny nahazo in-droa na in-telo. Tsy mazava ihany koa ny nampiasana ny tetibola nokantsanana tao amin'ny Antenimierandoholona nolazainy fa nalefa tany Atsimo nanampiana ireo mponina any tratry ny kere, satria efa ho amin'arivony no nifindra monina niakatra aty Antananarivo sy any amin'ny tapany Avaratry ny Nosy. Tsy azo afenina ihany koa ny raharaha "bonbons sucettes" sy ny "écrans plats", izay nentina niatrehana ny covid-19 teo amin'ny sehatry ny fanabeazana, sy ny tao amin'ny minisiteran'ny Atitany. Amin'izao fotoana izao dia natosaka eny an-tsena ny "vary tsinjo" ary eny amin'ny faritra sasany eto an-drenivohitra ny "kaly tsinjo". Manao "cantine scolaire" ihany koa hono ny fitondrana, ka ankizy mpianatra any amin'ny sekoly fanabeazana fototra any Atsimo any no misitraka sakafo isan'andro. Avy amin'ny vola nomen'ny mpiara-miombonantoka ve ireny ? Izay ny eo amin'ny sehatra ara-bola sy ara-tsosialy. Raha ny sehatra politika no asian-teny dia tena tsy mahazaka ny fitsikerana sy fampisongadinana ny marina ataon' ny fandaharana "Miara-Manonja" ny mpitondra, ka miezaka manao fampihorohoroana amin'ny Filoha, Ravalomanana Marc, amin'ny fametrahana herim-pamoretana eo amin'ny arabe ampitan'ny trano fonenany. Etsy ankilany koa dia nantsoina teny Fiadanana ny mpiara-manentana ao amin'ity onjampeo ity, Ralaiseheno Guy Maxime sy ny minisitra teo aloha Ndrianjato. "Misitri-belona" hoy ny gazetin'ny mpitondra iray kanefa fomba fanaon'ny mpitolona izany rehefa henjehina satria hamoronana dosie izy, ka tsy maintsy miditra am-ponja amin'ny fotoana tsy voafetra raha vao mamaly ny fiantsoana. Efa nisy nanao izany ireo ao amin'ny fitondrana amin'izao fotoana izao tany tamin'ny fotoan'androny. Manaporofo izany ny raharaha Rolly Mercia izay ny hetsika teny Ambohipo no nisamborana azy kanefa nivadika ho fanodikodinambola tao amin'ny ORTM, sy fanalam-baraka ny mpandraharaha teratany Malagasy mpomba ny fitondrana ny raharaha, ary tsy nomena fahafahana vonjy maika izy na dia efa niverina tamin'ny teniny ilay tovolahy nanondro azy ho nanome vola ny mpanao fihetsiketsehena teny Ambohipo. Nanao fampahafantarana ny préfet de police ireo solombavambahoaka enina mianadahy vofidy eto Antananarivo, fa hanao tatitra ho an'ny vahoaka eto, eo amin'ny Kianjan'ny Demokrasia, Ambohijatovo, ny sabotsy ho avy izao. Mikoropaka indray ny mpitondra manoloana izany, ka notakonana ny eny amin'ny ilany atsinanana ary nanambara mihitsy ny ben'ny tanàna fa tsy afaka mandray hetsika io kianja io. Nilaza hanao hetsika eo ihany koa ny mpanohana ny fitondrana, ka miendrika fihantsihana izany satria tsy nisy nikasa nanao hetsika tany amin'ny toerana nanaovany fambolen-kazo ny sabotsy lasa teo. Tsapa arak'izany fa tsy vitan'ny mampihorohoro ihany izao fitondrana izao, fa tena manao fihantsiana mihitsy, ka asa izay hataon'ny mpitandro ny filaminana na hanao izay tsy hisian'ny fifandonana na hitohy hiaro ny mpanohana ny fitondrana. Ny matahotra ny marina hiseho no manao fanakantsakanana satria ny "marina ihany no mandratra" hoy ny olon-kendry.

***Andry Tsiavalona***

Vehivavy TIM

## Ahemotra amin'ny fotoana manaraka ny fifampiarahabana

Ahemotra amin'ny fotoana manaraka ny fifampiarahabana tratry ny Asaramanitry ny vehivavy Tiako i Madagasikara (TIM). Araka ny fanambarana nataony: rehefa nivory ny vehivavy Tiako i Madagasikara (TIM ), tao amin'ny QG Bel'Air Ampandrana omaly alarobia 17 febroary 2021 dia nanapa-kevitra, fa ahemotra amin'ny fotoana manaraka ny fifampiarahabàna tratry ny taona tokony hatao ny sabotsy 20 febroary 2021 ho avy izao. Ny antony dia noho ny fotoan-dehibe eny Ambohijatovo ny sabotsy 20 febroary 2021 ho avy izao, hanatrehana ny tatitra hataon'ny depioten'Antananarivo avy amin'ny antoko Tiako i Madagasikara. Ireo mpivory dia mitaona ny vehivavy TIM rehetra, ho tonga eny Ambohijatovo, fa zava-dehibe ny tatitra hataon'ireo depiote amin'io fotoana io. Masina ny tanindrazana hoy hatrany ny fanambarany.

***Helisoa***



*Ny sasany amin'ireo vehivavy TIM.*

TONONKALO

## NY MPANOHITRY NY TAONA 2021

Hendry lavitra mihitsy ny mpanohitra amin`izao.
Tsy toy ny tamin`ny anareo izay tena tsisy kalitao.
Fa ny azy tsisy herisetra ka milamina ny tolona,
Tsy tahaka ny anareo izay misy fanozonana olona !

Hendry lavitra mihitsy , tsy mba tia manao androvo,
Toy izay nataonareo tia manarama andian-jatovo,
Fa mitaona ny rehetra , hijoro , tsy hitazantazana.
Ka hamelona ao anatiny ny fitiavan-tanindrazana !

Ny azy tsy ny laingalainga , tsy izany no mibahana.
(Tsy kabary feno sira, miharo habobo fidedahana !)
Fa dia teny tsotra ihany no ao anaty fanentanany,
Mariky ny fo madio sy fahendrena izay ananany !

Tena hendry raha tsaraina ny mpanohitra amin`izao.
Tsy `lay tanora mievotrevotra , tia manao ny tsy fanao,
Fa tena misy fivoarana azo mba tsapaina tanana,
Ary irina mba hitondra ho amin`ny tena fiadanana !

…Mahereza ry mpanohitra , aoka tsy hiala vehana.
Mila anao `ty firenena eo an-dalam-pilentehana.
`Andeha hiaraka manonja , avia ka hafanao ny fatana,
Fa ny gasy manontolo no miandrandra fisandratana !

***TSIMIMALO (15-02-21)***

Depiote Todisoa Boriboritany faha-VI

## Fahavalom-pirenena ireo mpitondra amin'izao fotoana

Nandritra ny fandaharana Miara-manonja dia namaritra ny antsoina hoe: fahavalom-pirenena ny depioten'i Madagasikara voafidy tao amin'ny Boriboritany faha-VI Antananarivo Renivohitra, Todisoa Andriamampandry. Tamin'izany no nilazany, fa ireo mpitondra amin'izao fotoana no tena fahavalom-pirenena. Fahavalompirenena hoy izy ny lany andro amin'ny fanenjehana sy famaliana ny mpanohitra ataon'ny mpitondra fanjakana, fa tsy ny andraikitra tokony ho sahaniny, sy izay mahasoa ny vahoaka no jereny. Mampiseho ny tsy fahafaliana daholo ny olona sy sampana maro, toy ny mpianatra, ny paramed, ny sendika maro, ny mpitondra kalesa, ny mpivarotra amoron-dalana. Ary rehefa mba misolo vava an'ireo ny mpanohitra dia lazaina fa mpandainga sy mpanakorontana. Misy mihitsy àry ny depiote mpisolelaka milaza fa ny mpanohitra no fahavalom-pirenena. Ka aleo faritana mazava ny atao hoe fahavalom-pirenena hoy ny depiote Todisoa:



***Ny depioten'i Madagasikara voafidy tao amin'ny Boriboritany faha-VI, avy amin'ny antoko TIM, Todisoa Andriamampandry.***

- ny fahavalom-pirenena dia izay manondrana an-tsokosoko ny harem-pirenena,
- ny fahavalom-pirenena dia mampidangana ny vidim-piainana, hany ka zara raha mihinana ny vahoaka,
- ny fahavalom-pirenena dia izay mpitondra tsy miaro ny vahoaka sy ny fananany, tsy mahatohitra ny asan-jiolahy sy ny asan-dahalo,
- ny fahavalom-pirenena dia tsy manome rano fisotro madio, sy mampisy ny kere eto amin'ny firenena,
- ny fahavalom-pirenena dia izay mpitondra tsy mampisy ny jiro, tsy mahafehy ny delestazy,
- ny fahavalom-pirenena dia izay mpitondra tsy manome asa ho an'ny olona,
- ny fahavalom-pirenena dia izay mpitondra tsy mamela malalaka ny fahehoan-kevitra.

Iza daholo no manao izany? Zavatra hita maso no resahina fa tsy foronina. Tsy ny mpanohitra no manao ireo zavatra voatanisa ireo, fa ny mpitondra tarihan'ny filoha Rajoelina hoy izy.

***Stefa***